# Lesona 7: Olom-Pirenen'ny Lanitra

## Tonon-kira: Mifalia mandrakariva – 1 Tesaloniana 5:16-18, Filipiana 4:6

### A. Mifidy ohatra tsara halaitahaka

1. Filipiana 3:17 Nahoana ny apostoly Paoly no nampiseho ny tenany ho ohatra faka-tahaka ho an'ny Kristiana tany Filipy? (Jereo koa ny 1 Korintiana 11:1; Galatiana 2:20).
2. Inona no loza ateraky ny fisafidianana ohatra ratsy izay tsy manaraka ny dian'i Jesosy? Filipiana 3:18-19, Romana 16:17-18, sns.
3. Iza no ohatra tsara ho anao eo amin'ny fikatsahanao hanatona akaiky kokoa an'i Jesosy?

### B. Mahatsiaro ny anjarantsika izay be voninahitra

1. Filipiana 3:20-21 Inona no anjara be voninahitra ho antsika izay mpanara-dia an'i Jesosy?
2. Aiza ao amin'ny Soratra Masina koa no ahitantsika fijoroana ho vavolombelona mamelombelona momba ny fiovana mahatalanjona izay ho hitantsika rehefa hiverina amim-boninahitra i Jesosy? 1 Korintiana 15:42-44,50-54; 1 Tesaloniana 4:13-17; 1 Jaona 3:1-2, sns.
3. Filipiana 4:1 Eto am-piandrasana ny fiverenan'i Jesosy amim-boninahitra, inona no antso ataon'ny Apostoly Paoly ho an'ny Kristiana tany Filipy sy ho antsika koa?
4. Inona no hevitry ny hoe "mitoetra tsara ao amin'ny Tompo"? (Jereo koa ny 1 Korintiana 16:13)

### D. Mifaly amin'ny Tompo

1. Filipiana 4:4 Inona no torohevitra nomen'ny Apostoly Paoly ho an'ny Kristiana mahakasika ny fiatrehany ny fiainana na inona na inona toe-javatra iainantsika ety ivelany?
2. Ahoana no ahafahantsika mifaly mandrakariva ao amin'ny Tompo, na dia miatrika zava-tsarotra sy fitsapana aza isika?
3. Inona no tsiambaratelon'ny fananana fiadanana anaty na inona na inona mitranga manodidina antsika? Filipiana 4:6-7 (jereo koa 1 Petera 5:6-7; Jaona 14:27, sns.)
4. Zarao ny fotoana nanomezan'Andriamanitra fiadanana anao rehefa nalaim-panahy hanahy sy feno tebiteby ianao, ka mampifantoka ny saintsika amin'ny toerana sahaza.
5. Filipiana 4:8-9 Nahoana no zava-dehibe ny mampifantoka ny saintsika amin'izay marina, mendri-kaja, rariny, ary madio?
6. Iza no tena endriky ny zava-tsoa rehetra? Hebreo 12:1-2
7. Inona avy no fomba sasany ampiasain'i Satana hanelingelina antsika tsy hampifantoka ny saintsika amin'i Jesosy sy amin'izay tsara rehetra?

### E. Mianatra mianina

1. Filipiana 4:10-13 Inona no tsiambaratelo hahitana ny tena fahafaham-po amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy?
2. Filipiana 4:19 Inona no fanomezan-toky nomen'ny Apostoly Paoly tao amin'ny teny famaranana nataony tamin'ireo Kristiana tany Filipy? Inona no tena ilaintsika indrindra?
3. Ahoana no nanatanterahan'Andriamanitra izany teny fiksana izany taminao?